

Talantalana Enti-Mamaritra ny Fahantrana Madagasikara Simple Poverty Scorecard[®] Madagascar

Mpanoratra: Mark Schreiner

17 Febroary 2015

Ce document est disponible en Français sur SimplePovertyScorecard.com.

This document is available in English on SimplePovertyScorecard.com.

Misy amin'ny teny Malagasy ity tahirin-kevitra ity ary azonao jerena ato amin'ny tranonkala ity SimplePovertyScorecard.com.

Famintinana

Mampiseho ny talantalana enti-mamaritra ny fahantrana ity tahirin-kevitra ity. Fitaovana tsotra mora ampiharina sy ampiasaina izy ity, izay narafitra avy tamin'ny angona antontan'isam-pirenena eto Madagasikara momba ny fandania ara-tsakafo ao an-tokan-trano. Io talantalana voalaza io dia ahazoana manao tombantombana eo amin'ny fandania ara-tsakafo mety ataon'ny tokan-trano Malagasy iray, izay latsaka an-katerena ambanin'ny tokonam-pahantrana voafaritra tsara. Mampiasa famantarana miisa folo, mora angonina sy hamarinina, ity fitaovana ity, ary tsy ampy folo minitra akory dia mipoitra ny tarehi-marika. Ity Talantalana enti-mamaritra ny Fahantrana ity dia fitaovana mahomby ho an'ireo foto-drafitr'asa izay liana te-hahafantatra ny momba ny fahantrana eto Madagasikara, ho enti-manara-maso ny taham-pahantrana eo amin'ireo izay voakasika, enti-mijery ny fivoarany na ny fihomboany araka ny fotoana, ary ahazoana manasokajy ireo voakasika rehetra sy mampihatra amin'izy ireo ny fanohanana izay ilainy.

Fankasitrahana

Ny Fikambanana Grameen (GF) no mamatsy vola ity fanadihadiana ity. Ary ny angona fototra dia avy tamin'ny Foibem-pirenena momba ny Antontan'isa eto Madagasikara. Tolorako fankasitrahana manokana I Julie Peachey, Sharada Ramanathan, Faly Rakotomanana, Joel Raveloharimisy, ary David Stifel. Ny Talantalana Enti-Mamaritra ny Fahantrana eto Madagaskara dia tsy inona akory fa fitaovana tsy misy valaka amin'ilay iray antsoin'i GF hoe: "Progress out of Poverty Index[®]" (PPI). Ny PPI dia fitaovam-pitantanana izay voizin'i GF mba hanampiana ireo fikambanana hanatratra amin'ny fomba mahomby kokoa ny tanjona ara-tsosialy izay katsahiny. I Benoit Rakotovao (bkr882001@yahoo.com) sy Joel Luc Raveloharimisy (jlraveloharimisy@gmail.com) no nanao ny fandikana an'ity tahirin-kevitra ity avy tamin'ny teny Anglisy sy Frantsay ho amin'ny teny Malagasy. Copyright © 2017 by Mark Schreiner, all rights reserved.

Ny Mpanoratra

Mark Schreiner dia Filohan'ny Famefena ny Loza mety Mitranga eo amin'ny Microfinance Risk Management, LLC, sady Mpikaroka Zokiolona ao amin'ny Ivontoerana momba ny Fampandrosoana ara-tsosialy, Oniversiten'i Washington ao Saint-Louis.

Talantalana Enti-Mamaritra ny Fahantrana

Fanadihadian faha: _____	<u>Anarana sy fanampiny</u>	<u>Mari-pamantarana</u>
Natao tamin'ny: _____	Mpandray anjara: _____	_____
Firenena: <u>MDG</u>	Mpandraharaha: _____	_____
Talantalana: <u>001</u>	Sampan-dra/ha: _____	_____
Santonany lanja: _____	Isan'ny olona ao amin'ny tokantrano: _____	

Famantarana	Valiny	Isa	Score
1. Miisa firy ny olona amin'io tokantrano io?	A. Sivy na mihoatra B. Valo C. Fito D. Enina E. Dimy F. Efatra G. Telo H. Roa I. Iray	0 5 6 9 13 19 25 33 38	
2. Mahay mamaky teny kely ve ny renim-pianakaviana filohan'ny tokantrano (na vadin'ny filoham-pianakaviana tranainy indrindra)?	A. Tsia B. Eny C. Tsy misy vehivavy filohan-tokantrano, na vadin'ny Filoham-pianavaviana	0 2 3	
3. Inona no akora fototra nanamboarana ny gorodona?	A. Akora hafa B. Toto tany (misy tsihy na tsia) C. Hazo, vato, na biriky D. Simenitra, varafasy, simenitra mifangaro mololo	0 5 8 11	
4. Inona no akora fototra nanaovana ny valindrihana?	A. Hodi-kazo, ravina, taho, toto tany, tanimanga mifangaro mololo B. Tsy misy valindrihana, sa misy ambara hafa? C. Biriky simenitra, simenitra, varafasy, simenitra mifangaro mololo, tsihy, na hazo (fafana, tamba-takela-kazo na <i>contreplaqué</i> , tamba-bovo-kazo na <i>isorel</i>)	0 3 7	
5. Firy ny isan'ny latabatra ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsy misy na dia iray aza B. Anankiray C. Anankiroa na mihoatra	0 2 6	
6. Firy ny isan'ny farafara ao amin'ilay tokantrano?	A. Tsy misy na dia B. Anankiray C. Anankiroa D. Anankitelo na	0 2 4 9	
7. Manana vata fandraisam-peo, fandefasana kasety, fandefasana kapila arifomba ve ilay tokantrano?	A. Tsia B. Eny	0 5	
8. Manana vata fahitalavitra ve ilay tokantrano?	A. Tsia B. Eny	0 14	
9. Manana bisikileta, môtô, trakitera, fiarakodia ve ilay tokantrano? (Tsy anatin'izany ny fiara any amin'ny toeram-piasana)	A. Tsia B. Eny	0 4	
10. Manana toerana iray fanangonam-bokatra ve ilay tokantrano?	A. Tsia B. Eny	0 3	

Ny isan'ny olona ao an-tokantrano:
Takila enti-miasa, izay hita any am-parany

Ery amin'ny tapany ambony indrindra eo amin'ny talantalana fandraisana an-tsoratra, soraty (raha fantatra) ny marika tokana famantarana ny fanadihadiana, ny andro nanaovana ny fanadihadiana, ary ny toeram-pandraharahana nanasinganana (raha fantatra) an'ilay nohadihadiana. Dia soraty koa, rehefa avy eo, ny anaran'ilay olona hadihadiana sy ny marika famantarana azy manokana, ny anaranao mpanadihady sy ny toeram-pandraharahana niasanao.

Manaraka izany, vakio amin'ilay olona hadihadiana ireto manaraka ireto: *Iza daholo ireo olona miara-mipetraka amin'ity tokantrano ity? Ny tiako lazaina eto dia ireo olona miaraka misakafy, matory amina trano fonenana iray, ary mankato ny fahefan'olona iray, tokana, izay mandray ny fanapahan-kevitra lehibe rehetra ao amin'io tokantrano io. Ny olona anatin'io tokantrano io dia olona niaina tao anatin'io tokantrano io tanatina enim-bolana na mihoatra. Ireo izay fantatra dieny mialoha fa hiaina mihoatra ny enim-bolana anatin'io tokantrano io dia azo lazaina fa isan'io tokantrano io, tahaka ny zaza vao teraka, na ny vady vao. Ny filoham-pianakaviana dia anatin'ny mandrakariva, na dia tsy eo aza izy mandritry ny enim-bolana. Tsy voatery misy rohim-pihavanana, na rohim-panambadiana, ny mambran'io tokantrano io. Ny ray aman-dreninao, ny zanakao, na ny hafa, izay tsy miara-mipetraka mandrintra ny enim-bolana dia tsy mambran'io tokantrano io.*

Soraty ny anarana, na ny anaram-bositry ny olona tsirairay amin'io tokantrano io, ary tadidio manokana, satria hilainao amin'ny sisa izany, ny anaran'ilay vehivavy filohan'ny tokantrano na ilay vadin'ny raim-pianakaviana tranainy indrindra. Mariho ery am-piandohana, akaiky ny soratra hoe: "Ireo olona ao amin'ny tokantrano" ny isan'ny olona, ary farito boribory ny valiny marina mifanitsy amin'ny famantarana voalohany.

Aza hadino ny mijery ny famaritana feno ny atao hoe: *Tokantrano*, sy ny atao hoe: *Mambran'ny tokantrano*, ao amin'ny "Toro lalana momba ny Fanadihadiana sy ny Dikan'ny Fanontaniana".

Fanampin'anaran'ny mambra (na ny anaram-bositra iantsoana azy)
1.
2.
3.
4.
5.
6.
7.
8.
9.
10.
11.
12.
13.
14.
15.
16.
Isan'ny olona rehetra ao an-tokantrano:

Toro lalana amin’ny fahazoana sy fandikana ny famantarana eo amin’ny takila misy ny tarehimarika

Ireto toro marika manaraka ireto dia notsoahina avy tamin’ny:

Institut National de la Statistique. (2010) “Manuel des agents de terrain (Enquêteur, contrôleur et superviseur)”, Antananarivo : Ministère de l’Économie et de l’Industrie, Secrétariat Général. [Le *Manuel*]

sy tamin’ny :

Institut National de la Statistique. (2007) “Questionnaire ménage : Enquête périodique auprès des Ménages 2010”, Antananarivo : Ministère de l’Économie et de l’Industrie, Secrétariat Général. [Le *Questionnaire*]

Toro hevitra amin’ny fanaovana ny fanadihadiana:

Apetraka manontolo amin’ny fahendren’ny mpanadihady ny famahana olana ireo fanontaniana saro-bahana rehetra izay mipoitra nefa tsy voavaofy ato anatin’ity toro lalana ity, satria tahatahaka izany, raha dinihina, ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny EPM natao teto Madagasikara tamin’ny taona 2010. Izany hoe: Na iza na iza fikambanana mampiasa ity “Talantalana enti-mamaritra ny Fahantrana” ity dia tsy mahazo mamorona famaritana na fitsipika hafa tokony harahin’ny mpanadihady izy, ankoatr’ireo izay efa voasoritra ato amin’ity “Toro Lalana” ity. Izay olana rehetra tsy voavaofy mazava ato anatin’ity “Toro Lalana” ity dia apetraka manontolo amin’ny fahendren’ny mpanadihady tsirairay ny famahana azy.

Ny fitsipika ankapobeny arahina dia izao: Tsy maintsy manaiky izay valin-teny omen’ny olona adihadiana ny mpanadihady. Na izany aza anefa, rehefa manambara zavatra iray ilay olona adihadiana, nefa ilay mpanadihady kosa mahatsikaritra, na miahiahy fa lavitry ny zava-misy ilay valin-teny, na koa tsy dia matoky tena amin’ny valin-teny homeny ilay olona adihadiana, na rehefa hita fa mila tosika kely ilay adihadiana hahitany tsara izay valin-teny tokony hataony, amin’izay fotoana izay dia tokony averin’ny mpanadihady ny fanontaniany, na manome fanazavana fanampiny izay heveriny fa mety izy, fanazavana izay mifototra amin’ity “Toro Lalana” ity ihany. Tsy tokony hiezaka hanamarina ny valin-teny izy, raha tsy efa mahatsapa fa tsy mifanaraka amin’ny zava-misy ilay valin-teny.

Amin'ny ankapobeny, ny fampiharana ny “Talantalana enti-mamaritra ny Fahantrana” dia tokony hampitoviana akaiky, araka izay azo atao, ny fampiharana ny EPM 2010 natao teto Madagasikara. Ohatra amin'izany: tokony hatao any an-tokantranon'ilay olona hadihadiana ny fanadihadiana izay atao, tahaka izay natao tamin'ny EPM 2010.

Aza ambara an'ilay hadihadiana izay valin-teny azo omena. Raha tsy misy toro marika manokana, vakio fotsiny ny fanontaniana dia atsaharo eo, ary miandrasa ny valin-teny avy amin'ilay hadihadiana. Raha mangataka fanazavana fanampiny ilay hadihadiana, na mihambatrambatra, na somary sahiran-tsaina, vakio fanindroany ny fanontaniana, na ampio tosika izy—tosika izay miainga avy amin'ity “Toro Lalana” ity—araka izay heverinao mpanadihady fa mety.

Ny INSTAT Madagasikara, tamin'ny EPM 2010, dia toa nametraka tsara izao manaraka izao: Andraikitry ny mpanadihady tanteraka ny mandika eny am-panidinana ny fanontaniana rehetra amin'ny teny sy fiteny misy eo an-toerana. Na dia tsy mifankaiza amin'ny fampiharana ny EPM 2010 aza ny fampiharana ity Talantalana ity amin'ny ankapobeny, mahatsikaiky ihany raha tsy misy dika teny filamatra amin'ny fiteny rehetra misy eto Madagasikara, dika teny izay voakaly ara-dalàna, sady voamarina tsara araka ity Talantalana ity. Raha tsy misy dika teny filamatra toy izany, mety hitondra fahasimbana lehibe eo amin'ny kalitaon'ny angona azo ny fiovaovana sy fasamihafana eo amin'ny dikateny sy ny fandraisan'ny mpanadihady izay voalazan'ny Talantalana. Voadika amin'ny teny anglisy sy Malagasy izy ity, sy ireo tahirin-kevitra miaraka aminy, ary hita ao amin'ny SimplePovertyScorecard.com izany. Ny fikambanana rehetra izay mampiasa ny Talantalana dia tokony handika azy amin'ny fiteny Malagasy misy eo an-toerana, na amin'ny fiteny hafa noho ny teny Malagasy misy eo an-toerana, kanefa kendrena mba ho voatahiry tsara ny hevi-boalaza ao amin'ny fanontaniana sy valin-teny voarakitra araka ny nanoratana azy tamin'ny teny voalohany nampiasaina (izany hoe: Ny heviny araka izay voalaza tamin'ny teny frantsay, izay teny nampiasain'ny EPM 2010). Ny faniriana dia ity: Aoka ny fikambanana rehetra izay mampiasa ity fitaovana Talantalana ity mba hahay mifanaraka, ka samy hampiasa dika teny mitovy eo amin'ny fiteny hafa ampiasainy.

Ny andraikitry ny mpanadihady

Izao no voalaza ao amin'ny Pejy faha-3 amin'ity *Tari-dalana* ity: “Ny mpanadihady no singa ifotoran'ny fanadihadiana. Ny kalitaon'ny asany, sy ny fikaliana izay ataony, no iankinan'ny kalitaon'ny fanadihadiana sy ny angona azo”

“Tsy maintsy manaraka ny toro marika voalaza ato amin'ity *Tari-dalana* ity ny mpanadihady rehetra. Tsy maintsy fanontaniana mitovy mantsy no apetrak'izy ireo, ary tsy maintsy mitovy koa ny fomba fandraisan-dry zareo ny valiny”

Araka izay voalaza ao amin'ny Pejy faha-4, “tsy maintsy manaraka ny toro-marika nomena ato anatin'ity *Toro Lalana* ity ny mpanadihady mandritra ny fanadihadiana sy resadresaka ifanakalozana amin'ny tokantrano, ka ny teboka anisan'ny lehibe indrindra amin'izany dia ny tsy fanovana ny hevitra ny fanontaniana.

Mbola eo amin'ny Pejy faha-4 ihany, izao koa no voalaza: “Isaky ny mifarana ny fanadihadiana tsy maintsy hamarinin'ny mpanadihady fa tsy misy fanontaniana hadino mba tsy hisy banga ny tahirin-kevitra voangona. . . . Tsy maintsy atao io fanamarinana io vantany vao vita ny fanadihadiana ary alohan'ny handaozana ny fonenan'ilay olona hadihadiana.”

Iza no hadihadiana (izany hoe: ametrahana ny fanontaniana)?

Araka ny voalaza ao amin'ny Pejy faha-9 sy faha-28-n'ity *Toro Lalana* ity, “ny Filohan'ny tokantrano no olona tsara indrindra mitondra ny teny. Raha tsy eo ny Filohan'ny tokantrano amin'ny andro anaovana ny fanadihadiana, afaka misolo azy ny olona iray izay tondroin'ireo izay manatrika eo. Na ahoana na ahoana, tsy maintsy olona mahafantatra tsara ny zava-misy amin'io tokantrano io izy . . . Afaka manampy azy amin'izany ny sasany izay eo.”

Inona no atao mba hahazoana fifandraisana tsara amin'ny olona anaovana ny fanadihadiana?

Notsoahina avy tao amin'ny Pejy faha-6-n'ity *Toro Lalana* ity ka hatramin'ny Pejy faha-8 izao toro marika manaraka zao:

“*Manàna fihetsika manintona sy maha-te-ho tia avy hatrany.* Hatrany amin'ny fifandraisana voalohany, tsy maintsy mametraka fifampitokisana amin'ny olona hadihadiana ianao. Ny kalitaon'io fifandraisana voalohany io no iankinan'ny faharisihan'ny olona hanaiky fiaraha-miasa aminao. Tsy tokony hisy azo kianina ny fihetsika asehonao amin'ny olona. Toy izao no lalana tokony harahin'ny mpanadihady:

- Hatony amim-panajana ny olona
- Lazao fa te-hiresaka amin'ny tompon'andraikitra ao amin'io tokantrano io ianao
- Aseho ny kara-panondronao, ary raha ilaina izany, aseho koa ny taratasy avy tamin'ny Fikambanana misy anao, izay manazava ny vontoin'ny fanadihadiana
- Azavao ny zava-kendren'ny fanadihadiana
- Azavao ny fomba hitondranao ny fanadihadiana . . .

“Indro misy ohatra iray:

“Manahoana, Tompoko? Ranona no anarako (Lazao ny anaranao). Manao fanadihadiana eo ambany fitarihan’ny (Lazao ny Fikambanana misy anao) aho. Ity ny kara-panondroko, izay manamarina izany. Manao fanadihadiana amin’ity faritra misy anareo ity izahay, ka anisan’ireo fianakaviana tafiditra anatin’izany ianareo eto. Ny tanjona dia izao: ny hahafantarana misimisy kokoa ny fombafomba fiainan’ny olona amin’ity faritra misy anareo ity. Ny angona azo avy eto dia hampiasaina hanatsarana izay rehetra azo atao aminareo eto. Ka noho izany, Tompoko, mamelà anay hametraka fanontaniana vitsivitsy aminareo.”

“Raha miahotrahotra ilay olona, ary zava-mitranga izany, indrindra fa eo ampanombohana, dia tohizo tahaka izao:

“Hijanona ho tsiambaratelo izay hevitra rehetra voangonay avy eto, ary tsy hisy izay mety hahafantarana fa mikasika anareo, na ny tokantranonareo, ireo angona ireo. Ity fanadihadiana ity dia tsy mikasika velively ny resaka hetra . . . Araka izany, tsy ho hita na oviana na oviana amin’ny tatitra hataonay, na ny anaranareo, na ny adiresinareo.”

“Izao no atao hoe: Manana fihetsika mahasarika eo am-piandohan’ny fifampikasohana: Fadio ny fialan-tsiny menamenatra toy ny hoe: “Sa tsy manam-potoana loatra ianareo?” na koa hoe: “Mba manana fotoana vitsivitsy hatokana ho ahy ve ianareo?” na koa hoe: “Te-hiresaka kely aminareo aho . . .” na koa hoe: “Mba te-hametraka kely fanontaniana vitsivitsy aminareo ny tenako” .

“Aza miahotrahotra mamaly am-pahatsorana izay fanontaniana tsy maintsy hapetrak’ireo olona hadihadiana ireo: ohatra hoe: Nahoana no izy no nofidiana ho amin’izany? Haharitra fotoana firy ny fanadihadiana? Karazam-panontaniana toy ny ahoana no hapetraka amin’izany? sns. Miovaova ny halavam-potoana anaovana ny fanadihadiana . . .

“Hajao ny fombafomban-tany ampiasain’ny olona hadihadiana.

“Hajao ny fotoana nifanomezana tamin’ny tokantrano. Raha sanatria ka hita fa ho tratra aoriana ianao (ohatra: nitarazoka ny fanadihadiana tamina tokantrano iray, ka nanjary nihoatra ny fotoana), ampandreneso mialoha ny olona, fa tsy rehefa avy eo vao miala tsiny . . .

“Aza anaovana fanomezana ny tokantrano/Aza mandray fanomezana avy aminy, ary aza mampanantena azy na inona na inona . . .

“Ny mpanadihady dia tokony:

- Hahafantatra mazava tsara ny fomba itondrana io fitsidihana voalohany io. Zava-dehibe io fitsidihana voalohany io, satria miankina amin’io ny hamparisika ny tokantrano handray anjara amin’ny fanadihadiana na tsia.
- Tandremo tsara ny fitondran-tenanao, ary aoka ho feno fanajana hatrany.
- Fadio ny manindrahindra na, sanatria, manabanty ny valin-teny omen’ny olona, satria mety mametraka tsindry eo amin’ny valin-teny sisa manaraka izany.
- Fadio ny misafotofoto, satria tsy itokisan’ny olona hadihadiana ny mpanadihady misafotofoto, ka ho sarotra amin’ity farany ny hahatonga azy ireo hifantoka tsara.

“Ny mpanadihady dia tsy tokony:

- Hifoka sigara ao amin’io tokantrano io
- Hanapaka ny teny ataon’ny hadihadiana, na hikorodosy azy hamaly
- Hampiseho fihetsika feno tsy fanajana
- Hampiseho eny amin’ny tarehiny, na fihetsiky ny tanany, fankatoavana na tsy-fankatoavana manoloana ny valin-teny omen’ny olona hadihadiana.

“Tsy maintsy hamafisina tsara amin’ily tokantrano ireto teboka manaraka ireto, rehefa avy nampahafantatra ny tenany ny mpanadihady:

- Ny tanjon’ny fanadihadiana dia ny hamantatra marina ny fari-piainana misy eo amin’ny toerana onenan’ily tokantrano, sy ny hanara-maso ny fivoaran’izany fari-piainana izany. Zava-dehibe izany, satria manampy eo amin’ny fanapahan-kevitra horaisina hanatsarana ny toe-piainana amin’io toerana io.
- Nofidiana an-tsapaka ireo tokantrano hadihadiana ireo. Tsy miankina velively na amin’ny hevitra ananan’ny tokantrano, na ny toetoetran’ny isam-batan’olona amin’io tokantrano io, no nisafidianana azy.
- Ny hevitra voangona rehetra dia mijanona ho tsiambaratelo tanteraka.

“Rehefa voazavan’ny mpanadihady izay fepetra takian’ny fanadihadiana izay, ka nanaiky ny filohan’ny tokantrano, dia azon’ny mpanadihady atomboka amin’izay ny famenoana ny takila mirakitra ny fanontaniana.

Toro hevitra momba ny fitondrana ny fanadihadiana

“Tsy misy tokony hipika any ivelany na dia kely akory aza izay rehetra voangona avy tao amin’ily tokantrano. Tsy maintsy manome toky ny mpanadihady, ary manatitrantitra amin’ireo hadihadiana, fa ireo antontan-kevitra avy tao amin’izy ireo dia hijanona ho tsiambaratelo tanteraka

“Ka noho izany, tsy mahazo manao an’izao manaraka izao na oviana na oviana ny mpanadihady:

- Ny mitondra namana na olon-kafa izay tsy misy idirany na kely akory aza amin’ny fanadihadiana.
- Ny manankina ny andraikiny amin’olona tsy ao anatin’ny ekipa mpanao ny fanadihadiana.
- Ny mametrapetraka ny takilam-panontaniana efa nofenoina (eny na dia tsy mbola feno tanteraka aza), amina toerana mety ahitan’ny olona izay tsy misy fifandraisana amin’ny fanadihadiana.

“Zava-mikasika fiainan’olona ny fanadihadiana, ka tsiambaratelo avokoa izay rehetra angonina avy amin’ny fanadihadiana. Noho izany, manjary misy fiantraikany amin’ny valin-teny omen’ny olona avy ao amin’ily tokantrano ny fisian’ny olona hafa ivelan’io tokantrano io.

“Fa raha ny fanadihadiana mivantana kosa no asian-dresaka, tsy maintsy manaraka ny toro marika voalaza ao amin’ny takila misy ny fanontaniana sy ity *Toto Lalana* ity ny mpanadihady.

“*Vakio ny fanontaniana araka izay voasoratra marina ao amin’ny takila misy azy.* Avy eo miandry am-paharetana ny valin-tenin’ily olona nametrahana ny fanontaniana ny mpanadihady, ary tsy mampiseho fahamehana, na fahasosorana izy, raha sendra ka somary mitaraidraiky ny mpamaly, na tsy mahazo tsara ny fanontaniana. Raha tena tsy azon’ily olona tokoa ny fanontaniana, apetraho amin’ny fomba hafa ily izy nefa kendreo tsara mba tsy hiova ny heviny.

“*Halaviro araka izay azo atao, ny valin-teny manao hoe: ‘Tsy fantatro.’* Raha izay no miseho, ampio ny mpamaly fanontaniana hahay hanombantombana na hahita valiny mifanaraka tsara amin’ny toe-javatra marina eo amin’ny tokantranony.

“*Aza manalavitra ny vontootin-dresaka.* Fadio ny miady hevitra, na ny mifanohitra amina mpamaly fanontaniana. Raha tsy mety, na tsy izy, ny valin-teny, na mivily lalana manalavitra ny resaka ny mpamaly, aza tapahina tampoka ny resaka ataony. Fa henoy tsara izay lazainy, ary tarito moramora miverina mankany amin’ny tena resaka izy mba hahazoanao ny tena valiny marina amin’ily fanontaniana napetrakao.

“*Aza miandany, na mitongilana.* Aza miseho ho gaga na taitra, aza miseho ho mpankato, na ho tsy mpankato manoloana ny valin-teny omen’ny olona hadihadiana.

“Raha manontany ny hevitrao ny mpamaly fanontaniana momba ny resaka atao, tsy tokony hilaza ny heviny ny mpanao fanadihadiana. Lazao fa ny hahazoana izay hevitra ny olona izay indrindra no anton’izao fanadihadiana atao aminy izao.

“Raha misy mpanadihady tsy mahazo ny fanontaniana, na tsy mahafantatra ny fomba itondrana ny resaka, ity *Toro Lalana* ity no tokony ilany hevitra.” Fa raha sanatria ka tsy misy mety amin’ny toe-javatra misy ny toro marika rehetra hita ato, manàna saina mandanjalanja sy tia karokaroka ka ataovy izay hitanao fa mety. Fa tsy tokony hamoaka fitsipika, na toro lalana hafa mikasika ny fampiharana ireo famantarana sy valin-teny momba ity Talantalana ity kosa ny fikambananareo, ankoatr’ireo izay hita ato amin’ny “*Toro Lalana*”.

Toro marika momba ireo Famantarana manokana

1. Miisa firy ny olona amin'io tokantrano io?

- A. Sivy na mihoatra
- B. Valo
- C. Fito
- D. Enina
- E. Dimy
- F. Efatra
- G. Telo
- H. Roa
- I. Iray

Araka izay voasoratra ao amin'ny Pejy faha-4 amin'ity *Toro Lalana* ity, ny mpanadihady dia tokony hampahafantatra amin'ny olona hadihadiana ny famaritana ny hoe: *Tokantrano*, ka vakiany aminy izao manaraka izao:

“Iza avy ireo olona miara-mipetraka amin'ity tokantrano ity? Ny tiana hambara amin'izany dia ireo olona miara-misakafo eto an-davanandro, miara-matory ato amin'ity na ireto trano ireto, ary eo ambany fahefan'olona iray izay mandray ny fanapahan-kevitra lehibe ato. Ireo olona ireo izany dia mipetraka amin'ity tokantrano ity mandritra ny enim-bolana na mihoatra. Ireo izay azo antoka fa hiaina eto mandritra ny enim-bolana, toy ny zaza mena-vava na ny vady vao, dia azo isaina ho isan'ity tokantrano ity koa . . . Na dia tsy eo mandritra ny enim-bolana aza ny Filohan'ny tokantrano, isaina ho isan'io tokantrano io mandrakariva izy. Tsy voatery hanana rohim-pihavanana akaiky amin'ny olona ao ireo izay tafiditra ho isan'ny tokantrano. Ny ray aman-dreny niteraka, na ny zanaka, na ny toy izany, izay mipetraka lavitra mandritra ny enim-bolana dia tsy tafiditra ho anisan'io tokantrano io.”

Araka ny pejy 3 sy 4 amin'ity *Toro Lalana* ity, “ny atao hoe *Tokantrano* dia vondron'olona maromaro, mihavana na tsia, izay:

- Miara-mipetraka an-davanandro (miara-misakafo antoandro amin'ny an-davanandro, ary miara-matory eo an-toerana), ary
- Manaiky ny fahefan'ny olona iray eo, izay antsoina hoe: ny Filohan'ny tokantrano”.

“Ny antsoina hoe: ‘miara-miaina amin’ny an-davanandro’ dia tsy inona fa ny mivelona miaraka, izany hoe: misakafo sy matory amin’ny foiben-toerana iray, dia ny trano fonenana izany. Io toeram-ponenana io dia mety trano anankiray, ampahantranobe anankiray, efitra iray na maromaro, izay mitambatra ho singam-ponenana iray, na efitrano maromaro iray tarika nalahatra manodidina tokontany iray. . . .”

“Na iza na iza izany izy ka mahafeno ireo fepetra roa voalohany ireo, farafaharatsiny nandritra ny enim-bolana farany mialoha ny fanadihadiana, tafiditra ao anatin’io tokantrano io izy izay.

“Ka izay mahafeno ireo fepetra telo ireo miaraka izany no hany azo heverina ho “isan’ny tokantrano”“.

“Na izany aza, ireto misy toe-javatra vitsivitsy maningana, izay iarahana manaiky:

- Ny filohan-tokatrano, na dia tsy teo nandritra ny enim-bolana aza izy
- Ny zaza vao teraka latsaky ny enim-bolana
- Ny vady vao izay vao namonjy ny tokantranony ary mbola latsaky ny enim-bolana ny nahatongavany
- Na iza na iza olona izay, na dia tsy teo nandrintra ny enim-bolana aza, tsy azo ambara fa nipetraka tamina tokantrano hafa tsy akory (ohatra: mpianatra kilasimandry, mpiasa mandranto asa, miaramila any an-dakazera, ireo izay any amponja, sns.).

Araka ny nambaran’i Faly Hery Rakotomanana anefa, Tale Nasionalin’i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, ny mpianatra izay tsy mipetraka, tsy misakafo, tsy matory eo an-tokantrano mandritry ny enim-bolana mahery, dia tsy azo isaina ho isan’io tokantrano io, na dia manaiky ny fahefan’olona iray aza, na koa tohanan’io tokantrano io amin’ny ara-bola aza, satria tsy miaina eo izy fa miaina any an-kafa, any amin’ny toerana misy ny sekoly ianarany.

2. Mba mahay mamaky teny kely ve ilay ramatoa filohan'ny tokantrano, na ilay vadin'ny Loham-pianakaviana (zokiny indrindra)?
 - A. Eny
 - B. Tsia
 - C. Tsy misy vehivavy filohan-tokantrano, na vadin'ny Filoham-pianavaviana

“Tsy miankina velively amin'ny karazan-teny hainy vakiana tsy akory—na teny Malagasy izany, na teny vahiny hafa—no hanombanana ny hoe: Mahay na tsy mahay mamaky teny ilay olona.”

Ny Pejy faha-16-n'ity *Toro Lalana* ity dia manao hoe: “Mivimbina lahateny tsotra sy fohy eny aminao, hataonao fampiseho (raha hitanao fa ilaina izany) amin'ny vehivavy filohan'ny tokantrano, na ny vadin'ny Loham-pianakaviana zokiolona indrindra, hanamarinanao fa mahay mamaky teny tokoa izy.”

Araka ny nambaran'ny Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, Atoa Faly Hery Rakotomanana, ny mpanadihady dia tokony hanontany tsotra raha mahay mamaky teny na tsia ny vehivavy filohan'ny tokantrano, na ny vadin'ny loham-pianakaviana zokiolona indrindra. Raha eny no valiny, tsy maintsy eken'ny mpanadihady araka izany io valin-teny io. Raha ohatra kosa ka tsy mahazo antoka tsara ilay mpamaly fanontaniana, amin'izay fotoana izay vao mamoka takila misy fehezanteny “Matoanteny-Mpanao-Mpameno” amin'ny teny tian'ilay hadihadiana indrindra ny mpanadihady. Anjaran'ny mpanadihady ny mamorona io fehezanteny misy matoanteny-mpanao-mpameno io, satria i INSTAT dia tsy nanomana fehezanteny iraisana azon'ny mapanadihady ampiasaina.

3. Inona no akora fototra nanamboarana ny gorodona?
- A. Akora hafa
 - B. Toto tany (misy tsihy na tsia)
 - C. Hazo, vato, na biriky
 - D. Simenitra, varafasy, simenitra mifangaro mololo

Tsy nanome toro marika momba an'io famantarana io ny *Toro Lalana*.

4. Inona no akora fototra nanaovana ny valindrihana?
 - A. Hodi-kazo, ravina, taho, toto tany, tanimanga mifangaro mololo
 - B. Tsy misy valindrihana, sa misy ambara hafa
 - C. Biriky simenitra, simenitra, varafasy, simenitra mifangaro mololo, tsihy, na hazo (fafana, tamba-takela-kazo na *contreplaqué*, tamba-bovo-kazo na *isorel*)

Tsy nanome toro marika momba an'io famantarana io ny *Toro Lalana*.

5. Firy ny isan'ny latabatra ao amin'ilay tokantrano?
- A. Tsy misy na dia iray aza
 - B. Anankiray
 - C. Anankiroa na mihoatra

Izao no voalaza ao amin'ny ao amin'ny Pejy 33-n'ity *Toro Lalana* ity: “Latabatra mbola miasa tsara no isaina eto. Azo ekena koa anefa ny latabatra somary misy fahasimbana kely.”

Manambara Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa tokony ho isaina koa ny latabatra izay mbola azo amboarina. Azo heverina fa mbola azo amboarina ny latabatra iray raha misy eny an-tsena ny kojakoja na ny akora ilaina amin'ny fanamboarana azy.

Araka ny ambaran'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, tokony hisaina koa ny latabatra isan-karazany rehetra, ary anatin'izany ny latabatra ampiasaina amin'ny fomba manokana toy ny latabatra fametrahana milina fanjairana, ny latabatra ametrahana solosaina, na irony latabatra iva ampiasaina amin'ny efitra fandraisam-bahiny.

Milaza Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa heverina ho manana latabatra ny Tokantrano iray na dia tsy hita maso eo am-pelatanany izany latabatra izany—latabatra nampindramina olona, ohatra, na nahofa any aman'olona—fa azo lazaina azy izany latabatra izany raha manana zo hamerina an'iny any aminy izy, ho azony ampiasaina amin'izay ilany azy.

Ambaran'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa azo lazaina manana latabatra ny Tokantrano iray, na dia tsy ampiasainy amin'ny fahafenoany tanteraka izany latabatra izany, nefa ampiasaina kosa amina asa na hetsika tantanan'io Tokantrano io.

6. Firy ny isan'ny farafara ao amin'ilay tokantrano?
- A. Tsy misy na dia iray aza
 - B. Anankiray
 - C. Anankiroa
 - D. Anankitelo na mihoatra

Izao no voalaza ao amin'ny pejy 33-n'ity *Toro Lalana* ity: “Farafara mbola azo ampiasaina no lazaina eto. Azo ekena anefa ny fahasimbana madinika.”

Hoy Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano: Azo ekena ho isan'izany ny farafara izay mbola azo amboarina. Heverina ho azo amboarina ny farafara iray raha misy amidy eny antena ny akora sy izay rehetra ahazoana manamboatra azy.

Hoy ihany koa Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano: Azo lazaina manana farafara ny Tokantrano iray na dia tsy hita maso eo am-pelatanany aza izany farafara izany—ohatra: raha nampindraminy olona, na nahofany aman'olona any ivelan'ny tokantrano—raha azony atao ny mamerina an'iny any aminy, hmpiasainy amin'izay ilany azy.

Manambara Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa azo lazaina manana farafara ny Tokantrano iray, na dia tsy ampiasainy amin'ny fahafenoany tanteraka aza izany farafara izany, nefa ampiasaina kosa amina raharaha na hetsika tantanan'io Tokantrano io.

Ambaran'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa ny farafara mifampitaingina dia azo isaina ho farafara anankiroa.

7. Manana vata fandraisam-peo, fandefasana kasety, fandefasana kapila arifomba ve ilay tokantrano?
- A. Tsia
 - B. Eny

Izao no voalaza ao amin'ny pejy faha-33-n'ity *Toro Lalana* ity: “Vata fandraisam-peo, fihainoana kasety, fandefasana kapila avo lenta izay mbola mandeha tsara no lazaina eto. Azo ekena ihany koa anefa ny fahasimbana madinika.”

Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, dia milaza fa isaina amin'izany koa ny vata fandraisam-peo, fihainoana kasety, fandefasana kapila arifomba izay mbola azo amboarina. Azo heverina ho mbola azo amboarina ny vata fandraisam-peo, fihainoana kasety, fandefasana kapila arifomba raha mbola misy eo amin'ny tsenam-barotra ireo kojakoja ahazoana manamboatra azy.

Araka ny filazan'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, azo heverina ho manana vata fandraisam-peo, fihainoana horonam-peo, fandefasana kapila arifomba ny Tokantrano na dia amin'ny ampahany fotsiny aza no ampiasany izany eo amin'ny raharaha na hetsika tantanan'io Tokantrano io.

8. Manana vata fahitalavitra ve ilay tokantrano?
A. Tsia
B. Eny

Ny pejy faha-33 amin'ity *Toro Lalana* ity manambara fa “vata fahitalavitra mbola mandeha ireo voalaza ireo. Nefa azo leferina koa ny fahasimbana madinidinika.”

Ambaran'ny Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano Atoa Faly Hery Rakotomanana, fa tokony hisaina anatin'izany ny vata fahitalavitra izay mbola azo amboarina. Azo lazaina azo amboarina ny vata fahitalavitra iray raha mbola misy eo amin'ny tsenam-barotra ny kojakoja rehetra entina manamboatra sy mampandeha azy indray.

Lazain'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa azo ambara fa manana vata fahitalavitra ny Tokantrano iray na dia tsy ampiasainy eo am-pelantanany aza izany—ohatra: raha nampindramina, na nampanofana aman'olona ilay izy—azy tanteraka mantsy iny satria azony atao tsara ny mamerina an'iny hampiasainy ao an-trano.

Manambara Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa azo heverina manana vata fahitalavitra ny Tokantrano iray na dia ampiasainy amin'ny fahafenoany na tsia amina raharaha na hetsika tantanany izany.

9. Manana bisikileta, môtô, trakitera, fiarakodia ve ilay tokantrano? (Tsy anatin'izany ny fiara any amin'ny toeram-piasana)
- A. Tsia
 - B. Eny

Voasoratra ao amin'ny pejy faha-33 amin'ity *Toro Lalana* ity: “Bisikileta, *moto*, trakitera, fiarakodia (tsy anatin'ny fiarakodian'ny toeram-piasana) mbola mandeha tsara no lazaina eto. Azo ekena ihany koa ny fahasimbana madinidinika.”

Ambaran'Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa tsy tokony ahilika ny bisikileta, *moto*, trakitera na fiarakodia (tsy anatin'izany ny fiarakodia any amin'ny toeram-piasana) izay mbola azo amboarina. Azo heverina fa azo amboarina ny bisikileta, *moto*, trakitera na fiarakodia (tsy anatin'izany ny fiarakodia any amin'ny toeram-piasana) izay mbola azo vidiana eny amin'ny tsenam-barotra ny kojakoja ahazoana manamboatra azy.

Ambaran'Atoa Faly Hery Rakotomanana ihany koa, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa azo heverina manana bisikileta, *moto*, trakitera na fiarakodia (tsy anatin'izany ny fiarakodia any amin'ny toeram-piasana) ny Tokantrano iray na dia tsy ampiasainy eo am-pelantanany aza ireo—ohatra: bisikileta, *moto*, trakitera na fiarakodia (tsy anatin'izany ny fiarakodia any amin'ny toeram-piasana) nampindramina, na nampanofaina aman'olona ivelan'ny Tokantrano—raha toa ka mbola manana ny zo hamerina an'ireo izy, hampiasainy amin'izay ilany azy.

Atoa Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, dia manambara fa azo heverina ho manana bisikileta, *moto*, trakitera na fiarakodia (tsy anatin'izany ny fiarakodia any amin'ny toeram-piasana) ny Tokantrano iray na dia tsy ampiasainy amin'ny fahafenoany tanteraka aza ireo, ohatra: amin'ny raharaha tantanan'ny Tokantrano.

10. Manana toerana iray fanangonam-bokatra ve ilay tokantrano?

A. Tsia

B. Eny

Hoy ny Pejy faha-33 amin'ity *Toro Lalana* ity: “Toerana fanangonam-bokatra avy amin'ny fambolena, izay mbola miasa tsara, no voalaza eto. Azo ekena ny fahasimbana madinidinika.”

Ambaran'i Faly Hery Rakotomanana, Tale Nasionalin'i INSTAT momba ny Fanadihadiana ny isan-Tokantrano, fa rehefa miditra amin'ny raharaha tantanan'ny Tokantrano io fanagonam-bokatra io, na dia kely fotsiny aza, azo heverina fa efa fananan'ilay tokantrano izy izay.

Solaitra Voalohany: Tokonam-pahantrana sy taham-pahantran'i Madagasikara, ho fanaovana santionany amboarina sy ankatoavina, eo amin'ny tokantrano sy ny isambatan'olona

Isan-jaton'ny fandaniana ambanin'ny tokonam-pahantrana, sy ny tokonam-pahantrana misy (MGA isan'andro sy isan'olona)												
Santionany	Tokonana na Taha	Amin'ny	n	Governemanta fahantrana				Tokonana misy ny firenena ny antsasany mahantra indrindra < governamanta fahantrana	Tokonana iraisam-pirenena eo amin'ny fahefa-mividy 2005			
				Tsakafo	100%	150%	200%		\$1,25	\$2,00	\$2,50	\$5,00
All Madagascar												
	Tokonana	Isam-b/lona		760	1 086	1 629	2 171	581	1 515	2 424	3 030	6 060
	Taha	Tokentrano	12 460	47,6	68,5	84,2	90,9	30,8	82,1	92,8	95,7	99,0
		Isam-b/lona		56,5	76,5	89,3	94,3	38,3	87,7	95,4	97,4	99,4
Santionany fanamboarana sy fandrefesana: Fisafidianana ny famantarana sy isa azo, ary fanaovana ny <i>scores</i> ho tombatombana												
	Taha	Tokentrano	6 216	47,6	68,6	84,2	90,9	30,8	82,0	92,7	95,5	99,0
Santionany fankatoavana: Fitsapana ny fahombiazany												
	Taha	Tokentrano	6 244	47,5	68,5	84,1	90,9	30,7	82,1	92,8	95,9	99,0

Loharano: EPM tamin'ny taona 2010. Ny tokonam-pahantrana eto dia naseho amin'ny alalan'ny salan'isam-bidin'entana tao Antananarivo tamin'ny 15 jiona ka hatramin'ny 15 oktobra taona 2010.

Solaitra faha-2 (Madagasikara manontolo): Tokonan'ny Fahantrana sy Tahan'ny Fahantrana amin'ny Tokantrano sy ny isam-batan'olona

	<i>n</i>	<u>Governemanta fahantrana</u>				<u>Tokonana misy ny firenena ny antsasany mahantra indrindra</u>	<u>Tokonana iraisam-pirenena eo amin'ny fahefa-mividy 2005</u>				
		<u>Tsakafo</u>	<u>100%</u>	<u>150%</u>	<u>200%</u>	<u>< governamanta fahantrana</u>	<u>\$1,25</u>	<u>\$2,00</u>	<u>\$2,50</u>	<u>\$5,00</u>	
<u>An-tanan-dehibe</u>	Tokonana	772	1 103	1 655	2 206	671	1 540	2 463	3 079	6 158	
	Taha (Tokastrano)	6 320	26,5	44,3	64,6	78,0	20,1	61,1	82,2	88,5	97,6
	Taha (isam-bata/na)		34,6	54,2	73,3	84,5	27,1	70,3	87,6	92,5	98,7
<u>Ambanivohitra</u>	Tokonana	757	1 081	1 622	2 162	559	1 509	2 414	3 018	6 036	
	Taha (Tokastrano)	6 140	53,5	75,3	89,7	94,6	33,7	87,9	95,7	97,7	99,4
	Taha (isam-bata/na)		62,1	82,2	93,4	96,8	41,1	92,1	97,4	98,7	99,6
<u>Manontolo</u>	Tokonana	760	1 086	1 629	2 171	581	1 515	2 424	3 030	6 060	
	Taha (Tokastrano)	12 460	47,6	68,5	84,2	90,9	30,8	82,1	92,8	95,7	99,0
	Taha (isam-bata/na)		56,5	76,5	89,3	94,3	38,3	87,7	95,4	97,4	99,4

Solaitra faha-2 (Analamanga): Tokonan'ny Fahantrana sy Tahan'ny Fahantrana amin'ny Tokantrano sy ny isam-batan'olona

	<i>n</i>	<u>Governemanta fahantrana</u>				<u>Tokonana misy ny firenena ny antsasany mahantra indrindra</u>	<u>Tokonana iraisam-pirenena eo amin'ny fahefa-mividy 2005</u>				
		<u>Tsakafo</u>	<u>100%</u>	<u>150%</u>	<u>200%</u>	<u>< governamanta fahantrana</u>	<u>\$1,25</u>	<u>\$2,00</u>	<u>\$2,50</u>	<u>\$5,00</u>	
<u>An-tanan-dehibe</u>	Tokonana	827	1 182	1 773	2 364	760	1 649	2 639	3 299	6 598	
	Taha (Tokastrano)	600	16,7	33,5	53,2	70,3	15,8	49,5	75,6	84,9	97,4
	Taha (isam-bata/na)		23,6	44,2	64,2	78,9	22,1	61,3	82,9	90,6	98,7
<u>Ambanivohitra</u>	Tokonana	787	1 124	1 686	2 248	757	1 568	2 509	3 137	6 273	
	Taha (Tokastrano)	480	25,6	53,5	75,9	84,8	24,1	72,8	87,1	93,1	97,8
	Taha (isam-bata/na)		32,5	61,7	82,1	89,1	30,8	79,5	90,7	95,1	98,3
<u>Manontolo</u>	Tokonana	803	1 148	1 722	2 296	758	1 602	2 563	3 204	6 407	
	Taha (Tokastrano)	1 080	21,9	45,1	66,4	78,7	20,7	63,0	82,3	89,6	97,6
	Taha (isam-bata/na)		28,9	54,5	74,8	84,9	27,2	72,0	87,5	93,2	98,5

Solaitra faha-2 (Vakinankaratra): Tokonan'ny Fahantrana sy Tahan'ny Fahantrana amin'ny Tokantrano sy ny isam-batan'olona

		<u>Governemanta fahantrana</u>				<u>Tokonana misy ny firenena ny antsasany mahantra indrindra</u>	<u>Tokonana iraisam-pirenena eo amin'ny fahefa-mividy 2005</u>				
		<u><i>n</i></u>	<u>Tsakafo</u>	<u>100%</u>	<u>150%</u>	<u>200%</u>	<u>< governamanta fahantrana</u>	<u>\$1,25</u>	<u>\$2,00</u>	<u>\$2,50</u>	<u>\$5,00</u>
<u>An-tanan-dehibe</u>	Tokonana		661	944	1 416	1 887	619	1 317	2 107	2 634	5 268
	Taha (Tokastrano)	300	26,1	48,7	68,1	80,9	23,2	65,0	84,0	88,0	97,2
	Taha (isam-bata/na)		34,3	59,5	76,0	86,6	29,8	73,5	89,0	92,0	98,4
